# TANTARAN'ILAY ANDRONGO KELY NIANATRA NANIDINA FAHIZAY

JEAN-PIERRE PETIT
Nandika teny : Tantely Randriamitantsoa

Indray andro hono dia nisy androngo kely lava, tena lava tanana



Nataon'ny biby hafa fihomehezana izy io

Indray andro dia talanjona fatratra ilay androngo kely : nanomboka nisy volom-borona naniry teny amin'ny tanany



teny amin'ny tongotra
teny amin'ny loha







hatreny amin'ny rambo...

Nanomboka teo dia naneso azy daholo ny biby REHETRA


Ny dadatoany Rabekibo kely atidoha, ohatra





na koa Ramahia
zanak'anadahin-dreniny





Na Rabetandroka ratsy tarehy
iny aza moa naneso azy




Ka nony farany dia tsy
sahy niseho vahoaka
intsony izy



Fa indray andro kosa dia nisy nigodogodona
mafy tao amin'ny Alaben'ny Biby Haolo.
Nisy biby mahatahotra nandrakotra
ny ala tamin'ny fitrerony




Ramasiaka iny
tamy iny





Notatahiny aloha ny kibon'ilay dinôzôry ganagana
vava, izay sendra azy

dia nampitahoriny
ilay renidinôzôry teo
akaiky teo





mba hahafahany mangalatra ny atodiny

Tamin'izay fotoana izay no nahitany an'ilay androngo kely saika matin'ny tahotra



Mba nanandrana nitsoaka ihany ny anao lahy, saingy nanelingelina be azy ireo tanany lava loatra



Niherikerika matetika ilay androngo kely nanontany tena hoe mbola ao aoriana ao ve ilay mpanenjika azy



Nilela-molotra mialoha kosa Ramasiaka, nijery an'ity bibikely mahonena



Hany ka samy tsy nahita ilay hantsana tery aloha tery, na ilay mpanenjika na ilay enjehina





Rehefa nahatazana
an'iny ilay androngo
kely dia nilaza anakampo
hoe raha ho faty ihany,
aleo potiky ny
vatolampy toy
izay hanin'ity
bibibe ity

Novelariny faramparany ny tanany dia
nitsambikina tamin'ilay hantsana izy sady
nakimpiny ny masony



Ramasiaka kosa nanezaka nisambotra azy
sady efa faly ery


Dia nianjera tao amin'ilay hantsana Ramasiaka
Mamaaa !
ary dia maty tao izy, rotidrotika mihitsy aza
Oay leity e, toa manidina aho !



Raha ny hisonenika aloha dia tsy haiko tsara e.
Fa rehefa manidina fotsiny dia efa izay ...



Dia lasa nandeha ilay androngo kely nianatra nanidina sady faly ery




Ireo manam-pahaizana kosa, izay tia manasaro-javatra, dia niantso azy hoe Arkeopteriksa ary nilaza fa izy no razamben'ny vorona

